# Ilay Voa Tsara Nafafy 26 Jona 2018

**26** **Talata**
jona

**Maro ahina sy maro herehina ianao ; nefa zavatra iray loha no ilaina.** Lioka 10. 41, 42

**Fantatry ny Rainareo Izay any an-danitra fa tokony ho anareo izany rehetra izany.** Matio 6. 32

**Manahy aho**

Mampanahy ahy avokoa ny zava-drehetra ! Ny fahasalamako, ny asa aman-draharahako, ny ankohonako… Mampiasa saina ahy ny havako. Hitako izy ireo, miha milentika ao anaty toe-javatra tsy hay eritreretina, ka mankarary ahy izany. Mihevitra ny tenako ho tompon'andraikitra amin'ny fahasambarany aho. Mibahana ao an-tsaiko ireo toe-javatra lalovany sy ireo lalovako : enga anie ka ho ampy hatramin'ny faran'ny volana ny volako, enga anie ka tsy harary ny zanako… Ary na dia mandeha tsara araka izay nantenaiko aza ny zava-drehetra, dia mbola mahita hatrany indro kely tsy tao an-tsaiko aho, hanimba ny fahafinaretako…

Poizina tsy haiko esorina amiko ny fanahiana, tena nanjary nameno tanteraka ny tenako manontolo.

Kanefa, fantatro tsara fa Andriamanitra dia mahita ahy. Ary tsy mitsahatra mihitsy aza Izy, manara-maso ahy. Tsy hoe mitsikilo ahy Izy, fa te hanampy ahy sy te hanana fifandraisana marina amiko. Toy ny hoe mifanatri-tava… Izaho nefa, mandritra izany fotoana izany, tsy mihevitra afa-tsy ireo zava-mampanahy ahy…

Hikiry hihidy hitodika amin'ny tenako toy izany hatrany ve aho ? Andriamanitra anefa mitaona ahy hatoky Azy tanteraka, hametraka aminy ny momba ahy manontolo ; dia hisalasala ve aho ? Ny an'i Petera, ilay mpianatr'i Jesosy, no mety, milaza hoe : „Apetraho aminy *(amin'Andriamanitra)* ny fanahianareo rehetra ; fa Izy no miahy anareo" (1 Petera 5. 7).

Afaka miantehitra amin'Andriamanitra aho, afaka matoky Azy, tia ahy Izy, mikarakara ahy, miahy ireo havako. Azoko lazaina Azy ny fanahiako, Izy no hisolo toerana ahy, hitondra azy ireny. Hoy Jesosy : „Mankanesa atỳ amiko, ianareo rehetra izay miasa fatratra sy mavesatra entana, fa Izaho no hanome anareo fitsaharana" (Matio 11. 28).